

Nisy nitifitra

6

Nikasa hisy hamono i Jaojoby

Seces Antananarivo

3

Hanangana Cellule de Crise maika



Talata 27 jona 2023

Laharana 1447

Vidiny : 600 Ar

Rajoelina mizaka zom-pirenena Frantsay 2

Misy miaramila maniry
fangataham-panazavana
avy amin'ny HCC

www.gvalosoa.com

gvalosoa@yahoo.com

facebook : gazety valosoa rakoto

Kongresy nasionalin'ny TIM ny sabotsy izao 2

Hafana ny eny Tanjombato efa nisy niainga ny any amin'ny faritra



Fifidianana amin'ny rafitra isan'ambaratongany 5

Mafy ny teritory ataon'ny mpitondra, eo amin'ny baolina kitra



Beakanga Mandoto 6

Mihantsy mpitandro
filaminana ny dahalo

Miala Rajoelina 2

Ninia naka zom- pirenena Frantsay

J - 74

Basket any Menabe 5

Mijaly foto-draftrasa sy ailify ny mpitondra



Taom-pianarana 2023/2024 6

Hanomboka ny 4 septambra 2023

Daka kely

Tena V marina ialahy ry Boaikely,
misafo andian-tafika ve dia
mikopakopaka ny pokona a!

KONGRESY NASIONALIN'NY TIM NY SABOTSY IZAO

Hafana ny eny Tanjombato, efa nisy niainga ny avy any amin'ny faritra

Ho tanterehana ny sabotsy 1 jolay izao eny amin'ny Magro Tanjombato ny kongresy nasionalin'ny antoko Tiako i Madagasikara (TIM). Araka ny vaovao voaray omaly, efa nisy niainga ireo mpizaika avy any amin'ny faritra lavitra ny renivohitra toy ny avy any Sava sy ny avy any amin'ny faritra Androy sy Anôsy, noho ny haratsian-dalana sy noho ny fahalavirana izay. Efa vita ny toerana hanaovana izany kongresy izany, ary efa nanadio ny toerana ireo mpi-katoka avy amin'ny antoko ao Antananarivo Atsimondrano. Hafana io kongresy io noho ny raharaha mafana eto amin'ny firenena amin'izao fotoana : teo ny fane-sorana ireo mpiambina ny filoha Ravalomanana ny faran'ny herinandro teo, ary naverina taminy ihany izany avy eo. Eo ny finiavan'ny filoha Rajoelina naka zom-pirenena Frantsay, ka maha-ratsy endrika azy amin'ny fiarovana ny tombontsoam-pirenena, indrindra ny fiarovana ny tombontsoan'ny vahoaka Malagasy. Ny napoahan'ny mpitandrio filaminana lakrimôzena tamin'ny filoha Ravalomanana sy ny vahoaka tany Antsisirabe. Ary indrindra ny ho fiatrehana ny fidifidianana filohampirenena hatao amin'ity taona ity. Nanamafy ireo voalaza ireo ny filoha Marc Ravalomanana teny Alasora Avaradrano ny zoma teo, nandritra ny nanatre-hany ny fizarana vary nataon'ny kaominina notarihan'ny ben'ny tanâna Jimmy Randriantsoa, tamin'ny olona miisa 3500 ao amin'ity kaominina ity, noho ny fankalazana ny faha-63 taona niverenan'ny fa-



Ny filoha Ravalomanana teny Alasora ny zoma lasa teo.

haleovantenan'i Madagasikara. Nirahaba ny vahoaka Malagasy rehetra sahady koa, tratra ny Asaramanitra tamin'io fotoana io i Dada. Mahakasika ny fizakan'ny filoha Rajoelina ny zom-pirenena Frantsay, niantso ny foloalindahy izy handray ny andraikiny ny amin'ny fajajana ny lalâna mahakasika izany, miantso ireo andrim-panjakana hafa voakasika koa izy, hiteny momba izao famadihana tanindrazana goavana ataon'ny filoha ankehitriny izao, amin'ny fizakany izany zom-pirenena Frantsay izany. Nanotrona ny filoha Ravalomanana teny Alasora ny faran'ny herinandro teo io, ny depo-t'Avaradrano Gerry Randriambolaina sy ny depo-t'Ambatondrazaka Fidèle Razarapiera.

Isambilo

Rajoelina mizaka zom-pirenena Frantsay

Misy miaramila maniry fangataham-panazavana avy amin'ny HCC

Manoloana ny fizakan'ny filoha Andry Rajoelina ny zom-pirenena Frantsay, dia misy an-diana miaramila nanambara fa mangataka fanazavana hain-gana amin'ny Fitsarana Avo momba ny lalampanorenana, na HCC izy ireo, mahakasika izany raharaha izany, manao fanambarana ihany koa amin'ny foloalindahy namany sy ny vahoaka:

"Ry rahalahy isany, Foloalindahy mangataka fanazavana haingana amin'ny HCC, ary manao fanambarana amin'ny Malagasy, manoloana izao savorovoro izao.

Aza omena tsiny ny olom-pehe-zinareo raha mandray andraikitra, raha toa ka feno fitavo-zavozana ianareo voaten-drin'izao fanjakana izao hita-zona ny Commandement".

Tsy fanonganam-panjaka izany, fa fandraisana andraikitra hain-gana manoloana ny fahambangan araka ny lalâna, sy ny tontolo, eto izay feno fisalasalan, ary mba ho famerenana ao anatin'ny lalâna ny Rafitra politika sy sivily izay natao hi-baiko antsika. Milomano ao anatin'ny tsy fanarahen-dalâna ny zavatra rehefa ataosika, satria dia voamarina ilay fiteny hoe: "Toutes les decisions prises sont nulles et non ave-nues". Tena complice amin'ny tsy fanaran-dalâna isika raha tsy mandray fanampahan-kevitra hentitra sy haingana.

Satria, Mifamahofaho ny zavamisy ary mikorontana ny sain'ny vahoaka malagasy, fa indrindra ny an'ny miaramila manokana, manoloana ity resaka fananana Zom-pirenena hafa ity. Ny miaramila tranainy sy ny am-perinasa, dia manana adidy ny hanazava ny sain'ny Mpira-

Tanindrazana sy handray andraikitra haingana, indrindra amin'izao ankatoky ny fankalazana ny fetim-pirenena 26 jona izao, fetin'ny foloalindahy sy ny fankalazana ny niverenan'ny fahaleovantenana izao. Ka raisinay ho zava-dehibe ny fandraisana ny fampahatsiahivana ny Fian-drianam-pirenena Malagasy: - inoana,

fa n'inona n'inona haavo sy fomba nahatafiditra ho miaramila na ho polisy antsika tsirai-ray, dia heverina, fa mahalala ny hasin'ny atao hoe Tanindrazany isika, fa ny fi-rene, ny tanindrazana, ny fiandrianam-pirenena no fototra ny asam-piarovana izay asantsika foloalindahy.

Marihina, fa ny Filoham-pire-nena lehibe faratampon'ny fo-loalindahy, no sary voalohany no sady tandidona faran'ny fian-drianam-pirenena sy ny " intégrité Nationale".

Ampahatsiahivina etoana koa, fa voasoratra ao amin'ny "Décret portant organisation générale de la défense nationale" eto Madagascar ireo rehetra voalaza etsy ambony ireo.

- Noho izany dia,

Tsy tokony hikimpy amin'izay mety ho tombontsoa manokana ianareo zandry eo amperin'asa, fa himbanjina ny foto-kevitra ijo-roantsika, dia ny " Ho an'ny Tanindrazana".

Marina fa mety nisy hadisoanay ny tsy nanao tahak'ireo Zoky tao amin'ny miaramila frantsay, izay sahy nanary ny zom-pire-nena frantsay, fa hanompo an'i Madagascar; ka mahatonga ireo manamboninahitra sasant-sasany amin'izao hanana zom-pirenena hafa, ary dia mbola mitazona andraikitra ambony eo anivon'ny Foloalindahy an-

kehitriny ihany koa. Dia mila ampahatsiahivina antisika ve fa addidin'ny Fanjakana no miaro ny firenena? Anefa dia ny Foloalindahy no hery voalo-hany miaro sy mampisy ny Fanjakana eo amin'ny tany tan-dalâna. Inona ary io Lalâna arahana sy fototra io? Tsy anisan'izany ve ny "Code de Nationalité" malagasy? Ny charte des Nations Unies, izay ma-naiky ity firenena ity ho hisy sy hahaleotena? Ka ny Filoha no maneho izany any ivelany. Amin'izao anefa,

Ny Fiarovana ny Tanindrazana sy firenena amin'ny fomba moderina dia : tsy ady ifanandri-nana mivantana eo amin'ny miaramila na mpifahavalio irey intsony, fa miseho amin'ny endriny maro; ary koa tsy ny bai-boly izay nentina nandemena ny sain'olona toa ny tany aloha intsony, fa eto mivoatra dia mivoatra; ary hita, fa afaka tsara mandresy tsy miady ny fahavalio, tsy misy râ latsaka, toy izao mitranga ankehitriny eto izay, ny firenena iray; izany ilay lazaina hoe: " La fin (résultat) justifie les moyens". Izany hoe:

Ny fanomezana zom-pirenena hafa dia "moyen" fotsiny ihany, hamehezana sy hanirahana es-pion, mba hanao " infiltration", hakana fahefana sy ny tsiambaratelo-piarovana, fa ny tena tanjona dia ny fametrahana maritira ny fiankinan-doha any ivelany ny firenena sy ho fana-riana eo amin'ny taranaka ny maha malagasy azy (Néo colonialisme).

Ry Rahalahy isany, na am-pe-rinasa na misotro ronono,

- ny sécurité, izay mifantoka amin'ny fiarovana ny Culture, ny Économie, ny tontolo iainana, ny olona sy ny fananany, dia adidy ambony tsy maintsy fantatra sy sahanina, n'inona

n'inona sakana misy. Ileo rehetra ireo no tokony harovantsika, fa tsy hijanona irey amin'ny Fiarovana ny farit'i Madagascar (DOT) fotsiny akory. - Tadidio, fa ny " Intérêts Vitaux sy ny Intérêts fondamentaux de l'Etat malagasy" dia andrai-kiantsika sy fototra ny asantsika (Devoirs et missions).

Ny Intérêts vitaux et fondam-metaux dia: Ny fototra isian'ny Fanjakana sy ny fijoroany, mba hahaleotena sy velona eo anatrehan'izao tontolo izao, satria tsy voazanaka intsony.

Kanefa, Eto dia ny Président ny Republika mihitsy no manana zom-pirenena hafa, ary ny tena loza dia raha voamarin'ny lalâna fa niala taminy ny zô maha malagasy azy dia Voatafika sy resy izany isika, izay Loza noho ny mercenaires, toa an'i Bob De-nard tao amin'ny Nosy Co-mores izao mahazo antsika izao.

Mafy ny Mpanafika, fa nahay niafina izy, ka ny olona mitovy zô amintsika ihany no nampiasinay handavoana antsika.

Nisy firenena hafa niray tsikombakomba tamin'izao raharaha izao.

Fehiny:

- Soa ihany anefa fa niseho sy tra tra izao tranga izao,

Noho izany, dia fotoana izao hanalana ireo manana zom-pire-nena hafa eo anivon'ny Foloalindahy, araka ny voala-zan'ny " Code de la Nationalité ", fa izany indrindra no tena atao hoe " Moralité" tokony hananantsika.

- Mijoroa, mahasahia, fa ny Tanindrazana no aloha sy ambony ny zavatra rehetra, izay eto nimoan'ireo razantsika ny ainy mba hiadanantsika ankehitrino, anjarantsika dimby izao no mampiseho fa azo atokisana



isika, raha tsy izany, dia henatra manoloana ireo rahalahy miaramila aty Afrique sy any amin'ny firenena maro hafa ho antsika izao tranga izao. Aoka mba tsy hitanondrika manoloana ny na-mantsika afrikanina isika.

- Mitandrema ianao eo amin'ny commandement (Tafika sy zan-darimaria), fa sao lasa complices, fa haintsika tsara fa SAZY faratampony no miandry amin'ny famadihana ny fire-nena.

Atsipy ny tady Atsipy ny tency....

Ny Valosoa sy fakafaka

Miala Rajoelina. (J- 74) Ninia naka zom-pirenena Frantsay

74 andro sisina (J- 74) dia tokony hametra-pialana ny filoha Andry Rajoelina raha hirotsaka hofidiana ho filohampirenena indray. Mialoha an'izany aza dia tokony hiala izy, satria manala-baraka firenena, ninia naka zom-pirenena Frantsay, izany hoe ninia nanary ny maha-Malagasy azy raha an-taratasy.

Hatramin'ny oviana no hiheveran'ireo olon'ny fitondrana handrebirebena sy hamitahaha mihitsy ny vahoaka malagasy ? Efa noheverin'ireo mpanaraka ny raharaha-pirenena, fa tsy maintsy ny hitady ny fomba rehetra sy ny teny rehetra izay azo ampiasaina hiarovan-tena amin'ity resaka maha frantsay ary tsy malagasy intsony an'i Andry Rajoelina ity izy ireo. Efa mazava amin'ny vahoaka malagasy anefa ny marina amin'izany, ka tsy voavilivilin'ireo mpanodinkodin-dresaka sy filalaovana lalâna miaro azy intsony izy ireo. Miharihary tsara izao, fa ao amin'ireto olona ireto no misy ny mpanamboamboatra ny tantara, mba tsy hilazana hoe mpamily ny tantara marina, ho amin'izay maha metimety azy sy hiarovany ny tombontsoany manokana.

Tsy misy azo fitahina eto, iza no tsy mahalala fa re-hefa olona manana na mizaka ny zom-pirenena frantsay, dia tsy maintsy miaro ny tombontsoa frantsay. Efa taona vitsivitsy lasa izay no nilazanay teto amin'ny gazety, fa tsy hiverina madio amin'ny Malagasy velively ireo Nosy malagasy raha mbola ao anatin'ny fitondrana Rajoelina. Voaporofa mazava izany izao rehefa nipoaka ity resaka fizakany ny zom-pirenena frantsay ity. Efa niharihary ihany koa, indrindra taorian'ny fifampiresahana teny Andafiaravaratra, sy ny fankanesan'i Andry Rajoelina tany Frantsa, fa arirariran'ny mpitondra frantsay fotsiny ny resaka momba izany. Ary ny fitondrana malagasy dia hita ho manaraka ambokony fotsiny tsy misy atokona, fa kely endaka. Noho ny inona? Noho ny maha frantsay an'i Andry Rajoelina sy ny ankohonany.

Mbola hisy Malagasy ho voafitany amin'ny teny mampandry adrissa fanaony sy mbola nataony indray teny anaty Rovan'i Manjakamiadana farany teo ve? Tato anatin'izao fitondrana Rajoelina izao no niharihary ny fanitsakitsahana na fanosihosena ny fahamarinana. Tsy atao hahagaga raha toy izao no manjo ny firenena sy ny vahoaka malagasy. Tsy fahaiza-mitantana sy mitondra firenena ihany no fosi-try ny mampahantra ny vahoaka Malagasy, fa ny fiarovana ny tombontsoa vahiny, ny karana eo ihany, fa indrindra ny frantsay. Tranga hita eto amin'ny firenena tsara izany fitongilanana izany, sy ny fana-gejana ny Malagasy amin'ny endrika maro samihafa mba tsy hitraka sy tsy hihetsika hanohitra ny zava-misy mahaory iainany. Fotoana fisainana Lalina sy andraisana fanapanahan-kevitra izao, fa ho poitika eto ny firenena raha mbola ekena ny fitohizan'izao.

Sôh'son

Ny Valosoa

Ny Valosoa sy hadihady

Matrika krizy maro lafy tsy nisy toy izany ny Malagasy

Matrika krizy maro lafy tsy nisy toy izany ny Fi-renena Malagasy sy ny Malagasy amin'izao fotoana, ka maizina tanteraka ny lalan-kizoran'ny mpiray tanindrazana. Miteraka adihevitra tsy misy fitsaharana ny resaka fidianana filohampirenenia sy ny fisitrahant-dRajoelina Andry Nirina ny zom-pirenena frantsay. Maro amin'ny mpanao politika sy ny fiarahamion-pirenena no mahatsapa, fa tsy azo itokisana ireo andrim-panjakana roa misahana ny fidianana: ny Vaomieram-pirenena Mahaleotena misahana ny Fifidianana (CENI) sy ny Fitsarana Avo momba ny Lalampanorenana (HCC), satria tsy takona hafenina fa mirona sy mpomba an-dRajoelina Andry ny mpikambana ao anivon'izy ireo. Ny fana-vaozana ny lisitry ny mpifidy nataon'ny CENI dia efa niteraka fanakianana miaivay, ka na ny fikambanana iraisam-pirenena (OIF) izay nanao fitsirhana (audit) izany aza dia nahita tsy fahatomombanana maro ary mbola hamerina izany rehefa tena mikatona tanteraka ny fisoratana anarana. Ambonin'izany, ny fepotoana nolazaina fa nifarana'izany aza dia nahemotra indray kanefa nihena ny isan'ny mpifidy raha hampatahaina tamin'ny fidianana ny taona 2018. Tsy mahagaga ihany izany satria nisy « doublons » roa hetsy sy iray tapitrisa izay nezahan'ny CENI nesorina ireo amin'izao fanavaozana ny lisitra izao kanefa mbola miteraka ahiahy ihany izany, satria nahemotra hatramin'ny 20 jolay 2023 indray ny fepotoana famaranana ny fisoratana anarana. Ny fanontaniana dia tiana ha-verina indray ve ny « doublons » nateraky ny fano-meza faobe karapanondrom-pirenena (jugement suppléti). Etsy an-kilany koa dia misy olompirenenia, tsy olonolom-poana, nisoratra anarana tao anaty lisitra nampanaovin'ny CENI kanefa rehefa nanamarina izany rehefa niverina teny amin'ny Fokontany ny lisitra dia tsy tao intsony ny anarany. Heverina fa tsy vitsy ny tranga toy izany, saingy tsy misy mpanontany izy ireny ka tsy hitany izay hisarangotana. Miteraka ahiahy ihany koa ny fanoloana sefom-pokontany any amin'ny toerana maro, satria misy olona tsy mipe-traka eo amin'ny Fokontany akory no tendrena ho amin'izany toerana izany ary depioye izay tsy manana

andraikitra amin'izany no manao bodongeron tsotra izao. Mirazotra amin'ity resaka fidianana ity ny fizakan-dRajoelina Andry Nirina ny zom-pirenena frantsay satria ireo lalana: ny Lalampanorenana sy ny Lalampidifianana eto Madagasikara dia mandrara ny olona manana zom-pirenena vahiny hirotsaka kandida ho filohampirenenia. Iaraha-miaina fa miteraka adihevitra mafana izany. Mitavozavoza ireo mpiaro an-dRajoelina Andry Nirina, satria tsy mifanojo ny fototra nahazoany izany. Ny minisitry ny serasora sy ny Kolotsaina, Rakotondrazafy Lataliana, dia nilaza fa ny raiben'ny raiben-dRajoelina Andry Nirina no nizaka ny zom-pirenena frantsay, ka « par affiliation » (par filiation no marina satria ny mpikambana amin'ny sendika no « affilié ») no nizakany izany. Ramatoa Rina Rakotomanga indray nilaza fa araka ny « diplomasia » no nahazoany izany ny taona 2014. Raha ny didim-panjakana voasonian'ny Praiminisitra sy ny Minisitry ny Atitany frantsay nivoaka ny volana novambra 2014 tao amin'ny gazetim-panjakana frantsay anefia dia nangataka ny fisitrahana izany Rajoelina Andry Nirina. Araka izany dia tsy maharesy ny « marina » velively ny « lainga tsara lahatra » amin'izao toe-draharaha izao. Ny hetsika ataon-dRajoelina Andry Nirina eto amin'ny Firenena, eo amin'ny sehatra rehetra, dia manaporofo fa fitondrana mpanjanaka no misy amin'izao fotoana izao, ka izay atao ny dia famo-retana ny Malagasy sy fanapotehana ny lafiny toekarena ary fampahantrana ny Malagasy valo ambiroapolo tapitrisa. Tsy mionona amin'izany ity vazaha manana rà malagasy mikoriana ao anatinity ity, fa manimbazimba ny kolontsaina sy vakoka ary manitsakaka ny Fiandrianam-pirenena Malagasy. Efa miantso ny manam-pahaizana manokana momba ny lalana ny Malagasy maro hanazava ny saim-bahoaka raha toa ka tsy mantsy hesorina amin'ny toerany (destituer-na) na tsy mahazo milatsaka ho kandida intsony izy amin'izao fidianana filohampirenena izao. Tomponandraikitra amin'izay mety hitranga ny andrim-panjakana tokony handray ny andraikiny amin'izao toe-draharaha izao.

Andry Tsiavalona

OLANA MAROLAFY MAHARENDRINKA NY FIRENENA**Hanangana Cellule de Crise maika ny Seces Antananarivo**

Ny sasany amin'ireo ao amin'ny Seces Antananarivo.

ary 2021/2022.
-ny vokatry ny 3 décrets,
-ny famoahana ireo didim-panjakana miisa 5,
-ny titularisation an'ireo mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra mangatako ho Professeur Titulaire,
-ny reclassement,
-ary ny fibodoana ny tanin'ny Universite, ny Foi-b e m - p i k a r o h a n a Nasionaly, sy ny faritry ny toeram-ponenana'ny mpianatra :
-Ny heures complémentaires ho an'ireo mpampianatra mpikaroka sy mpikaroka mpampianatra taom-pianarana : 2018/2019, 2019/2020

Manamafy ny fe-potoana tapaka handritra ny Filankevi-pirenena, ary indrindra indrina, ny fanohintohinana ny maha-masi-mandidy ny vahoaka eto amin'ny tanindrazany sy ny fahaleovantenany, dia hanangana Cellule de Crise faran'izay haingana ny SECES, ary hamoaka tsoa-kevitra hamahana ny olana marolafy maharen-drika ny firenena eo ambany vahohon'ireo tsy Malagasy.»

Nangonin'Isambilo

NY TENY FIAINANA

"Izay manota dia avy amin'ny devoly, satria ny devoly manota hatramin'ny voalohany. Izao no nisehoan'ny Zanak'Andriamanitra, dia ny handrava ny asan'ny devoly."

I Jaona 3:8

Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK)

Hitondra lamina vaovao eo amin'ny sehatra ara-barotra

Tsy voafehy intsony ny fiakaran'ny vidim-piaianana eto amin'ny firenena amin'izao fotoana izao. Tsy mitsaha-miakatra isan'andro ny vidin-javatra na ireo entana fan-jifa andavanandro. Ny tsikaritra dia ireo mpivarotra madinika sy ireo mpaninjara no tena manao ny ataony ka asondrony isan'andro ny vidin'entana eo aminy. Fantaty ny mpanjifa tsara ny paik'ady ratsy fanaon'ny mpivarotra, ohatra, rehefa tiany akarina ny vidin'ilay entana, dia tsy apoitrany eo amin'ny tsenany aloha mandritry ny andro maromaro. Na mody mifanilikai ihany koa izy ireo, ka ny mpaninjara manilikai any amin'ny mpamongady ny antony mahatonga ny fiakaran'ny vidin'entana. Ireto farany indray, ohatra, manilikai any am-potony na eo amin'ny tsema iraisam-pirenena. Ny tsy fahamarinana samihafa eo am-pivarotana tsy lazaina intsony, fa efa iaraha-mahalala, toy ny haladanja, ny mizana na ny famarana tsy marina, sns... Mila miverina amin'ny laoniny izany varotra gaboraraka anjakan'ny tsy fahamarinana izany. Mitaky fandam-nana vaovao mihitsy izany eo amin'ny lafiny ara-barotra sy tsena. Manana ny lamina momba izany ny Vovonana Antso Fiarahamonina Kristiana (AFK). Mijoro eo anivony amin'ny alalan'ireo andry fototra sivy, ka anisan'izany ny ivo momba ny famarotana, ny ivo momba ny fenitra, ny ivo momba ny fiarovana. Manana ny lamina atolotra momba ny tsena, izay miàla amin'ny foto-pisainana tranainy voafatotry ny tolotra sy ny tinady ary ny fikirakirana vola ny AFK. Voatsinjo na ny mpivarotra na ny mpanjifa ary misy ny vahaolana ia-lana amin'ny fanambakana sy fifampitsentsefana. Goavana ny lamina atolotry ity vovonana iray ary hafa noho ny an'ny rehetra milaza ho mahita ny vahaolana amin'izao korontana eo amin'ny sehatra ara-barotra izao. Izany lamina rehetra izany dia mahomby ao anatin'ny fifotorana amin'ny fampiasana ilay rindrambaiko, "Tenaoïkos", vitan'ireo manam-pahaizana malagasy miara-miasa aminy. Tsiahivina, io rindrambaiko iray io, dia azo ampiasaina amin'ny sehatra maro samihafa ilaina eto amin'ny firenena, hatrany amin'ny sehatry ny fiangonana. Vonona hiara-hiasa amin'ny rehetra ny AFK araka izany. Fifandraisana: 034 17 460 53.

Aris

TONONKALO**Misy ihany ireo voatendry**

Tena misy ireo voatendry no mijoro an-kitsim-po, Fa te hamboatra ny tsy mety sy hanala ny efa lo. Kanefa indrisy fa voasakana, vetivety dia voadaka, Raha vao hoe tsy mifanaraka amin'ny sain'ny tompondaka !

Raha vao hoe akamakaman'izy ngeza no voakitika, Dia miomàna ianao voatendry, tsy ho ela dia hipitika. Tombontsoan'ny orinasa, tsy izay no lohalaharana, Fa ny hamenoana paosy sy ny hanaovam-pangalarana !

Tombontsoanao vahoaka, izany aloha dia tena gisitra, Fa izay ho an'ireo vaventy, izay no tena lohalisitra. Isam-bolana dia misy fanovana hatrany hatrany, Ny orinasam-panjakana no mazàna isian'izany !

E jereo ny jiramaty sy ny iray tena malaza Izay mivoy ny retirety, indrindra koa ny volan-jaza. Heno fa voadaka indray ilay olo-notendrena tao, Fa hoe tsy mety tamin'ny bizin-dry tsy misy kalitao !

...Ka tsy hiarin-doha mihitsy ny orinasam-panjakana, Raha izay mbola jiolahy no ho ao anaty fitondrana. Mila fiovana maika ho hita taratra eto an-dasy, Lavinay ny tanalahy : vazaha mikiry hifehy ny gasy !

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Nanome sakafo ireo mpanala CEPE ny talata teo ny kaominina Ampitatafika Antananarivo Atsimondrano, notarihan'ny ben'ny tanàna Rado Ramparaoelina.



Noho ny fahatsiarovana ny niverenan'ny fahaleovantena, tsy adinon'ny Solombavambahoaka Kolonely Ramboasalama Emilien, ireo zokiolona ao amin'ny fikambanana TSINJO Fiadanana III- N. Notolorana vary sy menaka.



Nozaraina sakafo ireo ankizy nanala fanadinana CEPE tao amin'ny CEG Alasora, Kolejy ST Laurent ary ireo zanak'Alasora nanala fanadinana teny amin'ny EPP Ambohibato Ambohimanambola, ny talata teo, mba hanalana fahasahiranana ho an'ireo ray aman-dreny. Nanolatra izany ny avy amin'ny kaominina, notarihan'ny ben'ny tanàna Jimmy Randriantsoa.



Andranoambo Ambodihady Ambohimanarina : tao Andranoambo no nanolatra fanomezana ho an'ireo ankizy sy fikambanan'ny vehivavy sy lehilahy ary ireo zokiolona ny depiote ao amin'ny Boriboritany faha-6, Todisoa Andriamampandry. Nanolatra lelavola, vilany, koveta, arendrina ifalian'ny fokonolona ary niara-nifaly tamin'izy ireo ity olom-boafidy ity.



FIFIDIANANA AMIN'NY RAFITRA ISAN'AMBARATONGANY

Mafy ny teritory ataon'ny mpitondra eo amin'ny baolina kitra



Misy ny fanehoan-kevitra momba ny fifidianana amin'ny rafitra isan'ambaratongany eo amin'ny baolina kitra, araka ny vaovao voaray, mafy ny teritory ataon'ny mpitondra eo amin'izany sehatra izany : « Vita ny andro fahadimy amin'ny fifanintsanana CAN 2023 izay ho tante-rahana any Côte d'Ivoire amin'ny fiandohan'ny taona ho avy (13 janvier au 11 février 2024). Bet-saka ny ekipam-pirenena izay mbola miandranda fatratra ny ho isan'ny 24 hatrika io ady famaranana io.

Ireo ekipa vaventy toa an'i Sénégégal, Egypte, Maroc, Algérie, Afrique du sud... dia azo lazaina fa tsara toerana daholo. I Côte d'Ivoire mpampianatrano moa dia resin'ny Zambie tamin'ny isa mavestra 3-0. Raha mifandanja fatratra ny Groupe I izay misy ny ekipan'ny RDC, Gabon, Soudan ary Mauritanie dia azo lazaina fa efa taftita ary misongadina kosa i Guinée Equatoriale ao amin'ny groupe J ary efa miandranda fatratra na dia firenena vitsy mpoinina aza.

Ny eto amintsika dia nisaraka ady sahala samy tsy

nitoko isika sy i Ghana ary ny Barea dia tsy manana fanantenana hatrika izany fotoan-dehibe izany intsony.

Fantatra anefa ankehitriny fa dia miomana fatratra ny hanavao ny mpitantana eny amin'ny rafitra isan'ambaratongany toy ny Sections – Ligues ary ny Fédération, ny mpitantana ankehitriny ary toy ny mahazatra dia miseho lany sahady ny ant-sojay sy ny teritory isankarazany. Tsy misy mahaита ny lalam-pifidianana ireo izay maniry hilatsaka ankoatr'ireo izay efa eo an-toerana ankehitriny ary mbola te-hifikitra toy ny eto Analamanga izay tarihin'i Tôta izay Ben'ny Tanàna eny Andoharano-fotsy. Dia toy izany no mitranga hatraiza hatraiza ary tsy misy ny mpanaramaso na dia nisy Commission electorale vangavanga napetraka aza. Ny mpifidy moa dia ireo teo aloha ihany, izany hoe ny Clubs manana ny atao hoe Certificat De conformité no mifidy ny mpitantana ny Section.

1 Ny Certificat de conformité dia solontenan'ny MJS no manome azy, ka misy fepetra mazava toy ny hoe nandray tamin'ny

fifananan'ny Section na ny Ligue ny Club mangataka azy ahafahana mifidy. 2 Directions Régionales de la Jeunesse et des Sports.

3 Hihoatra ny 120 ny mpifidy. Nanjary nidiran'ny politika, ka izay mpitantana clubs tsy ao amin'ny antoko manjaka amin'ny fitondrana ankehitriny dia tsy omen'ny DRJS izay fanamarinana izany. Lasa resabe eto amin'ny tany sy ny firenena ity zava-mistranga ao amin'ny FMF sy ny rantsa-mangaika ity, satria mamestraka fanantenana betsaka ny mpitiba baolina kitra taorian'ireny fahombiazana izay tiany mbola hitohy ireny.

Manahirana ny sain'ny mpanara-maso tokoa, satria ankoatry ny kolikoly izay hana-toerana lehibe amin'io fifidianana io noho ny tsy fampiharana ny fehin-kevitra maro voarai-ktira nandritra ny Conference nationale nokarakarain'i Président Raoul Arizaka Rabekoto teny Ivato ary isan'ny nanenjehana azy ihany koa. Nandritra izany conference nationale izany, izay nandrais'an'ny mpisehatra rehetra amin'ny kitra anjara, no nanapahana fa Ampi-

tomboina 3 ny isan'ny mpifidy isan'ambaratonga hiarovana amin'ny fakampanahy kolikoly satria dia toy izao hitantsika ankehitriny izao no hiverina raha mbola ny fepetra ankehitriny no tazonina.

Miandry fatratra am-paintainana ny tohin'ny raha haraha ny mpitiba baolina kitra ary araky ny fantatra dia efa mitety faritra mnaparitaka izay azo apari-taka rehetra ireo candats izay mihevitra fa matanjaka, tsy dia misy hevitra fa ny vola no maharangahy toa an-dry Alfred Randriamanampisoa (Député Elgeo plus – Ney-patraiky Rakotomamonjy Sénateur IRD sady Ministre HVM – Victorien Andrianony Vice-Président de Raoul Arizaka Rabekoto, fa efa saribakoly ankehitriny – Stanislas Rakotomalala SG Proleague teo aloha, fa tohanan'i Amo sy Tôta mafy toka....). Mitazam-potsiny ny Tompon'andraikitra ary raha izao no mitohy dia tsy hisy fanantenana sy masoandro mihiratra mihintsy ho an'ny tanora malagasy, fa dia miandry ny Mpitondra fanjakana ho avy eo handray fepetra hentitra sisa. Tantara mitohy...

Ny Valosoa



Hena baolina sy anatsonga indray, no Sakafo eto amin'ny gazetinao androany. Hatao ketsaketsa izany. Dia mazotoa homana tomoko.

NY VALOSOA sy Mahasoa

Fanafody natoraly amin'ny sempotsempotra

Fanafody natoraly amin'ny sempotsempotra indray, no Mahasoa eto zamin'ny gazetinao androany. Raha vao mahatsiaro sempotsempotra na mora vizaka ianao. Mba tsy ho tsentsina ny fantsona lehibe mpiton-dra ny rà Madio, na mpamoaka ny rà maloto avy ao amin'ny fo, izao atao :

Zavatra ilaina :

-Makà hasina tongolo gasy 3. Teteho madinika.

FIKARAKARANA :

Andrahoina amin'ny ronono 1/4 litatra. Avela hango-traka 5min. Avela hangatsiaka. Sotroy alohan'ny hatory.

-Afaka atao indray isam-bolana.

-Tena ataovy fa tsara, anisan'ny manala ilay tavy manodidina ny fo izany.



Basket any Menabe

Mijaly foto-draftrasa sy ailify ny mpoitondra



Ratovonjanahary Heritiana Guillaume, Filohan'ny ASS Miandrivazo eo amin'ny basket-ball.

Ny faha 10 ka hatramin'ny faha 18 jona lasa teo dia nampiantrano ny fifanintsanam-pirenena, fiadiana ny tompon-dakan'i Madagasikara basket-ball sokajy N1B ny faritra Menabe, alalao natao tao Morondava, ka nandritan'izany dia nitaraina avokoa ireo mpandray anjara, fa tsy manaraka ny fenitra ny fotodraftrasa : ny kianja dia kely ny cerceau tsy ampy refy, ka sahirana ireo mpilalao tamin'ny famonoana baolina. Na dia niezaka nitady vahaolana aza ny ligin'ny basket-ball Menabe dia tsy nisy ny vahaolana satria niady irery ny ligy tsy nisy ny fanampiana na avy amin'ny faritra na avy amin'ny ireo tompon'andraikitra eto Morondava. Toy izany koa ireo ekipa solontenan'ny faritra Menabe, izay nandray anjara tamin'ity fifaninanana ity raha roa ireo ekipa nisolotena ny faritra Menabe dia ny iray no isan'ireo tafiakatra N1A dia ny ASS avy ao Miandrivazo izay tsara ho matrihina fa club vao taona iray no nijoroany izay teraka tao amin'ny Association Sarimbo. Raha ity

fikambanana ity dia fikambanana naorin'Andriamatoa Ratovonjanahary Heritiana Guillaume, zanak'i Miandrivazo mikendry ny fanampiana sy fampivoarana ireo zanak'i Miandrivazo rehetra, miezaka misehatra amin'ny asa sosialy sy fifanampiana amin'ireo samy mpikambana. Tamin'ny 2020 no nijoroan'ny fikambanana ary ny taona 2022 no na-joro ny ASS na Association Sprotive Sarimbo, izay entina hanabeazana ny tanora amin'ny fanantanjahantena, ka ny Basket-Ball no nanokafana azy ary anatin'ny famolavolana ny taranja hafa ny fikambana amin'izao hoy ny filohan'ny fikambanana Ratovonjanahary Heritiana Guillaume, fa noho ny hoenti-manana izay sarotra tokoa, satria dia mamelon-tena ny fikambanana, ka ny filoha no miezaka miantoka ny am-pahany maro amin'ny fanadiana, dia manao antso avo amin'izay malala-tanana ny fikambanana amin'ny fanohanana, satria sarotra ny fanatantarahana zavatra indrindra fa eo amin'ny lafiny fana-

pan'ny ASS Miandrivazo tamin'ity raha tsy tany amin'ny manasa-dalana sy teo amin'ny fiadian-toerana. Mahatsiaro faly ny mpankafia ny taranja basket-ball ato Menabe tamin'ny endri-dalao sy ny volaktra izay azon'ity ekipa ity, saingy gaga ny rehetra fa tsy mba nisy ny fi-jeren'ny tompon'andraiki-panjakana tato Menabe ireto ekipa ireto izay nam-piakatra avo ny lazan'i Menabe eo amin'ny taranja Basket-Ball nefa ny kopi-kole ny filoha dia nandaniana vola sy nam-piasana fitaovam-panjakana ny fitsenana azy. Soa ihany fa tsy nataon'ny tompon'andraikitra tao Miandrivazo ambanin-javatra ireto mahery fony ireto, fa dia notsenaina nangotrakotraka izay notarinhin'ny lehiben'ny distrikti ary manakahery hatrany ny mpitarika ny fikambanana ny lehiben'ny ditrika amin'ny ezaka izay nataony nahazoana izao volaktra izao ary nitsodrano ny ekipa mba hahazo ny amboaran'i Madagasikara sy ho lasa lavitra hatrany.

Rajepa

NY VALOSOA sy Mahaliana

Ny tanànan'Ambohimanana distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana

Ny tanànan'Ambohimanana distrikan'i Brickaville faritra Atsinanana indray, no Mahaliana eto amin'ny gazetinao androany. Renivohitry ny kaominina Ambohimanana ity tanàna ity, iray amin'ireo kaominina miisa 17 mandrafitra ny distrikan'i Brickaville. Vokatra any ny vary, ny fary, ny haninkotrana toy ny mangahazo, ny katsaka, ny voankazo toy ny akondro, ny manga, ny letchi.



ETAZONIA

Manampy mampihena ny tazomoka hatramin'ny 25%



David Parks, avy amin'ny USAID Madagasikara.

Nampihena ny isan'ny olona voan'ny tazomoka voamaina teto Madagasikara ny governemanta amerikana tamin'ny taon-dasa, ka raha 2,3 tapitrisa izany teo aloha dia lasa nihena ho 1,7 tapitrisa ny isan'ny olona voan'ny tazomoka. Izany hoe nihena 25% mahery ka nanavotra aina sy nihazona ny fahasalaman'ny vahoaka Malagasy mba afaka hamokatra sy hiantoka ny fampandrosoana ny firenena. Nandritra ny fankalazana ny Andro Manerantany ladiana amin'ny Tazomoka tany Farafangana no nahafantarana ireo vokatra ireo ary tafiditra ao anatin'ny tatitra isan-taona faha-17 nataon'ny Vinan'ny Filoha amerikanina momba ny ady amin'ny tazomoka (PMI) izany. Farafangana no tanana lehibe indrindra ao amin'ny faritr'Atsimo -Atsinanana, izay nahitana am-pahatelony mahery tamin'ny isan'ny olona voan'ny tazomoka tamin'ny taondasa. Eo ambany fitantanan'ny Sampandrahahara amerikana misahana ny Fampandrosoana Iraisam-

pirenena (USAID) sy ny Foibe amerikana momba ny fanaraha-maso sy ny fisorohana ny aretina (CDC), ny fanohanani'i Etazonia no isan'ny nahafahan'i Madagasikara namafy hatrany ny ady amin'ny tazomoka mba handaitra sy hamonjy aina eto Madagasikara. Tamin'ny taona 2022, manampy ny "Programme National de Lutte contre le Paludisme" (PNLP) eto Madagasikara hiady amin'ny tazomoka ny PMI tamin'ny fizarana lay misy odimoka miisa 1,3 tapitrisa; famendrahana rano-panafody azo antoka ho an'ny tokantrano miisa 214.000 amin'ny famonoana moka, ka niarovana olona miisa

886.000; fanomezana faram-pitsaboana fisorohana tazomoka ho an'ny vehivavy bevhokha maherin'ny roa tapitrisa; ary fitiliana sy fitsaboana natao tamin'ny olona miisa 7,8 tapitrisa. Ny governemanta amerikana sy malagasy, ireo mpiara-miombon'antoka amin'ny Roll Back Malaria, ary ireo tompon'andraikitra ara-pitantanana sy ara-pahasalamana eo an-toerana dia nanentana ireo matihanina ara-pahasalamana hampitombo ny ezaka ataony amin'ny fifehezana ny tazomoka. Namarika ny Tale Leftry ny Biraon'ny Fahasalama ny sy ny Mponina ary ny Sakafo eo anivony USAID/Madagasikara,

David Parks, fa "ny het-sika androany dia mampahatsiay antsika fa isika rehetra dia mandray anjara amin'ny fifehezana ny tazomoka", ary "afaka mankalaza ny zava-bitantsika hatramin'izay isika ary mampitombo ny ezaka iombonana mba hahatongavana amin'ny tanjona iraisana, izay ha-nafoana tanteraka ny tazomoka."

Amin'ny alalan'ny PMI, ny governemanta amerikana dia manome ny 50% ny famatsiam-bola ilaina hanampiana ny Minisiteran'ny Fahasalamam-bahoaka amin'ny alalan'ny PNLP hampihenana ny tranga sy ny fahafatesana ateraky ny tazomoka ary handroso mankany amin'ny fanaofana ny tazomoka. Toy ny "mpirahalahy mia-nala," ny vahoakan'i Etazonia dia miara-miasa amin'ny vahoakan'i Madagasikara mba hifehezana ny tazomoka ary nanome 26 tapitrisa dolara tamin'ny taona 2022 ary 383 tapitrisa dolara namboka tamin'ny taona 2008.

Aly

Fampianarana

Hanomboka ny 4 septambra 2023 ny taom-pianarana 2023/2024

Araka ny nambaran'ny tompon'andraikitra misahana ny sekoly sty miankina ao amin'ny ministeran'ny fabeazam-pirenena, na ny talen'ny ONEP, hanomboka amin'ny 4 septambra 2023 ny taom-pianarana ho avy 2023/2024 eto amintsika. Voalazany tamin'izany, fa tsy hifarana io taom-pianarana ho avy io, raha tsy amin'ny 28 jon a 2024. Efa manomboka miditra amin'ny fotoam-pialan-tsasatra ny eto amintsika amin'ity volana jona ity, ny fanadinam-panjakana voalohany vita, ny CEPE dia tontosa ny talata lasa teo. Ireo mpianatra tsy manala fanadinana dia efa hiditra amin'izay fotoam-pialan-tsasatra lehibe izay, fa ireo mbola manomana fanadinana toy ny BEPC sy ny Bacc kosa dia mbola ao anatin'ny fanaovana famerenana ankehitriny mialohan'ny fotoam-panadinana. Arak'izany, 2 volana eo ny fotoam-pialan-tsasatra lehibe eto amintsika amin'ity taom-pianarana ho tapitra ity dia ny volana jolay sy aogositra izany.

Aly

Nieren-doza

Nisy nitifitra nikasa hisy hamono ny mpanakanto Jaojoby

Nieren-doza ny mpanakanto Jaojoby sy ny tarika mieraka aminy. Nisy nitifitra nikasa hisy hamono ity mpanakanto ity, ary izy mihitsy no nambarany fanokendren'ireo olon-dratsy. Niharan-doza, nisy nitifitra tamin'ny basy ny fiara nitondra ny tarika Jaojoby, nandritry ny fiverenan'izy avy tamin'ny Festival Zetra tany Ambatondrazaka, Faritra Alaotra Mangoro raha iny hihazo an'Antananarivo iny izy ireo. Niala tany Ambatondrazaka ny alin'ny alahady 25 jona, tamin'ny 11 ora alina ny tarika Jaojoby, satria mbola maika ny hamonjy fetim-pirenena taty Antananarivo. Tonga soamantsara izy ireo, na dia potika tanteraka aza ny fitaratrty ny fiara. Tsy nisy ny aina nafoy. Miantso ny mpitandro filaminana i Jaojoby hanokatra ny fanadihadiana momba izao herisetra fampihorohoroana izao.

Niaina



Ny mpanakanto Jaojoby sy ny fahapotehan'ny fitaratrty ny fiara nitondra azy sy ny tariny.

Taratasin'ny mpamaky

Fanehoan-kevitra ampitaina amin'ny gazety sy ny mpamaky ary ho an'ireo izay mety hiantefany izao manaraka izao. Hoy Pr Honoré Rakotomanana : manana zom-pirenena ara-dalana ary Malagasy ray sy reny ny filoha Andry Rajoelina. Manana rà Malagasy.

Izany amiko no tena "FAUX DÉBAT".

Fa izo moa no tsy mahafantatra izany Ray aman-drehy izany? Malagasy iny ka! Ny rehetra tsy mandà izany ... Saingy tsy any ny ady hevitra e! Hitako ianareo no manizingizina mafy koa! Fa izo no miteny hoe tsy Malagasy izy? Ny fizakany ny ZOM-PIRENENA FRANTSAY anie no resaka e! Izay miteraka ny fahaverezan'ny zo maha Malagasy azy ary indrindra amin'ny filatsahana ho fidiana. An-taratasy no resaka eto fa tsy fijery ivelany e! Voarakitra ao amin'ny lalam-panorenana. Izay izany no maha lany fotoana anareo manazava io satra any amin'ny tsy tokony ho azavaina indray ianareo no mamatrapatratra ...

Mamonjy Ny Rina

Mpamaky gazety Ny Valosoa Vaovao, Toamasina

Kaominina Ivato

Nafana ny « fête de la musique », ambohipihaonan'ny mpanakanto



Nafana ny "fête de la musique" ny 21 jona teo, tao amin'ny kaominina Ivato distrikan'Ambohidratrimo. Ambohipihaonan'ny mpanakanto ny tao an-toerana. Notanteraha ny 21 jona tokoa ny Fetiben'ny mozika saika manerana ny Nosy, tsy diso anjara tamin'izany Ivato. Fiaraha - miasan'ny Alliance Française (AFT), sy ny Kaominina Ivato ary ny Compagnie (Cie) Rian'Ala, no nahafhana nanatontosa izao hetsika goavana ara-javakanto izao.

Teo amin'ny Sarimasina anoloan'ny Fokontany Ivato no nanaovana ny "

Fête de la musique".

Nisy ny fampisehoana soradihy maoderna, ny dihy nentim -paharazana, ny dihy an-dalambe, ny hira samihafa, ny vely amponga, ny rap poezia, ny fanentanan'ny DJ, ny fanentanan'ny momba ny tontolo iainana ary nofaranana tamin'ny Zumba goavambe ny fotoana. Nandray anjara ny tarika: Mita B, Cie Rian'Ala, Sekoltora, DJ RS One, Best Duo, Respect All Crew, Joda's Group, Tina l'info, Unis Vers Vintsy, Njara Moandihy.

Aly

Beakanga Mandoto

Mihantsy mpitandro filaminana ny dahalo

Sahy mihantsy mpitandro filaminana mihitsy ireo dahalo nanafika tao amin'ny fokontany Beakanga, kaominina ambanivohitr'i Vasiana distrikan'i Mandoto faritra Vakinankaratra ny herinandro teo. Nanafatra ireo mponina mba hiantso vonjy amin'ireo mpitandro filaminana any Antananarivo izy ireo, fa nelazainy ho tsy mahasehaka azy ireo ao Mandoto.

Raha vao ny faramparan'ny herinandro lasa iny no nanafika tao Anjeheze ao Beakanga ireo dahalo am-polony maro, ka nahafatesana zandary sy miaramila ary sivily iray avy dia niverina nanao ny

asa ratsiny indray tao Sarobatra, izay tsy lavitra an'Anjeheze izy ireo ny alarobia lasa teo. Toy ny efa fanaony dia manangona ny omby rehetra ao an-tanana ny amahafana amin'izy ireo, raha mambina sy mampihorohoro ny mponina kosa ny sasany. Omby manodidina ny 80 indray no lasa tamio fanafihana io, ka hatramin'ny Ora nanoranta dia mbola tsy nisy tafaverina amin'ny tompony avokoa. Renim-pianakavina iray 47 taona ihany koa no namoy ny ainy nandritra io fanafihana io, ka raha araka ny voalazan'ny vadiny dia bala fito no indray niantefa ta-

min'ity renim-pianakavina izay namela kamboty fito mianadahy ity.

Antso avo

Voasokajy ho faritra mena hatrany iny distrikan'i Mandoto iny. Efa nisy ny ezaka fametrahana mpitandro filaminana any antoerana, saingy tsy mampiova ny zava-misy izany. Mangina mandritra ny fotoana fohy ny tsy fandriam-pahalemana dia io miverina manao ny atao-ny io indray ny dahalo. Raha ny ao Beakanga manokana dia efa in-telo voatafika tamin'ity taona ity. Omby manodidina ny 210 no lasan'ireo dahalo tamin'izany, ka zara raha

misy tafaverina amin'ny tompony. "Ho lany ritra ny ombinay raha tsy misy fandrais an-andraikitra haingana sy maty paika atao'ireo tompon'andraikitra isan-tsokajiny", hoy ny solontenan'ny mponina izay nahazoana ny vaovao. Antso avo araka izany no atao'izy ireo amin'ny filoham-pirenena izay nampanantena fandriampahalemana. Mangatako koa izy ireo ny mba hampiasana angidimby amin'ny fanenjehana ireo dahalo, fa tsy hajanona ho fitaovana fitaterana maratra fotsiny io fitaovana io.

Ambinintsoa

Mpiandry raharaha

PHARMACIES DE GARDE
17/06/2023 hatramin'ny
24/06/2023

- NY AINA (Andravoa-hangy Ambony) 020 22 229 95
- AICHA (Près CENAM 67ha) 034 74 687 24
- RAKOTOARIVONY (Analakely en face lycée Rabearivelo) 033 31 222 05/034 45 222 05
- SANTE (Behoririka 1ère à droite après Station Shell) 020 22 540 32/032 05 540 32 / 033 12 434 73 / 034 70 684 04
- H (Andrefan'Ambohijanhary) 032 05 111 65/034 14 011 65

HJRA (urgences) :
033 11 890 58 /
22 279 79

HOMI Soavinandriana :
22 397 51

Hopitaly Befelatanana :
22 223 84 / 22 6 N72 21

Hopitaly Loterana Ambohibao :
22 441 88 / 22 485 17

Clinique des Soeurs Ankadifotsy : 22 235 54

Ambulances municipales :
22 200 40
Jirama:
Telma : (22)3547 (n° vert) /
Airtel : 03 35 47 /
Orange : 032 32 3547

Pompiers :
Tél : 118/ 22 250 18/
22 225 66

Police :
Hôtel Central de Police :
17 / 22 227 35 / 22 357 09

1° Arrondissement
Tsaralalana : 22 280 54
2° Ambohitra : 22 309 46
3° Antananarivo : 22 291 30
4° Isotry : 22 280 51
5° Mahamasina : 22 280 48
6° Ambohimaranina :
22 225 52
7° 67 Ha : 22 291 29
8° Analahitsy : 22 493 25
Brigade criminelle :
22 216 78 / 22 210 29 /
22 674 83 na 84

GIR : 22 227 35

Gazetim-baovao miseso
intelo
isan-kerinandro
Vidiny: 600 Ar
Adiresy: lot T 70 Ankadindrantombo

TALEN'NY FAMOAHANA :
Rahelisoa A.
034 79 07600

MPANAO GAZETY

Politika:
Isambilo: 033 24 783 65
Rajo: 033 80 022 53
Andry Tsialvalona 032 07 744 55

Toe-karena :
Aly : 033 18 382 88

Kolontsaina:
Aris: 034 17 460 53
Beharo : 032 02 557 89

Fanatanjahantena:
Lita: 033 41 557 69

Mailaka:
gvalosoa@yahoo.com
NATONTAN'NY
Imprimerie de la RN7

Fametrahana 1447-06-2023
Isan'ny natonta: 10 000

Tsy azo adika, na alain-tahaka,
na antsaina amparahibemaso
raha tsy ahazoana alalana vita
soratanaana avy amin'ny
tompony

FAMBOLENA

Manohana ireo mpandrahara vehivavy ny fandaharanasa POWER

Manohana ireo mpandrahara vehivavy ny fandaharanasa Power, fandaharanasa izay vatsian'ny governemanta amerikana vola ary manohana ireo vehivavy eo amin'ny sehatry ny fambolena. Ilaina ny fahaleovantena ar-toekarena, mba hahafahan'ny vehivavy mandray fanapahan-kevitra momba izay haftsoa ny tenany sy ny fianakavany ary fiaraha-monina misy azy. Io fahaleovantena ara-toekarena io dia soatoavina lehibe eo amin'ny fiaraha-monina manome lanja ny fitovian'ny lahy sy ny vavy. Ho fanohanana ireo soatoavina ireo dia niara-niasa tamin'ny Antenimieran'ny varo-tra Amerikana eto Madagasikara na ny American Chamber of Commerce in Madagascar (AmCham) ny Masoivohon'i Etazonia, hanampiana ireo vehivavy mpandrahara sy mpi-tantana orinasa eo amin'ny sehatry ny sakafy sy ny fambolena eto Madagasikara. Amin'ny alalan'ny fandaharanasa POWER (Providing Opportunities for Women's Economic Rise), izay tohanan'ny governemanta amerikana, dia nikarakara atrikasa tao Antsirabe ny herinandro teo ny Am-Cham sy ny Masoivoho Ame-



Ireto mpandrahara vehivavy niofana tany Antsirabe.

rikana, nifampizarana fahalala sy nanamafisana ny fa-haiza-manao eo amin'ny sehatry ny fandrahara. Vehivavy mpandrahara mahe-rin'ny 70 avy ao Antsirabe sy ny manodidina no tonga nandray anjara tamin'ity fiofanana naharitra telo andro ity. Atrikasa POWER telo no nokarakaraina ka ny tao Antirabe no mama-rana izany. Teto Antananarivo sy Toamasina kosa ireo roa hafa no natao ny fiandohan'ity taona ity. Vehivavy Malagasy miisa eo amin'ny 250 ary miasa eo amin'ny sehatry ny sakafy sy ny fambolena no niofana nandritra izany atrikasa POWER izany. Maro tamin'ireo mpandrahara ireo no sambany vao nan-

dray anjara tamina fiofanana arak'asa toy izao. Ny atrikasa tsirairay dia nahitana mpampio-fana maro toy ny manam-pahaizana momba ny tsena amerikana, izay nizara torolàlana momba ireo fepetra takian'ny tsena. Anisan'ireo nanao fame-labelaran-kevitra ihany koa ireo manam-pahaizana manokana momba ny famatsiana sakafy, sy ireo mpandrahara izay samy nizara ny tantara momba ny fahombiazany avy. Nifantoka tamin'ny fomba fihariana maharitra sy manaja ny tontolo iaina-na sy ireo fomba tsara fampandrosoana orinasa ary ny resaka famatsiana-bola ihany koa ireo atrikasa.

Ny fandaharanasa POWER dia tohanan'ny Departementam-panjakanana amerikana misa-hana ny varo-tra sy toe-karena, izay manohana ireo fandaharanasa hampiroboroboana ny fandraisin'ireo vehivavy anjara amin'ny toe-karena. Manatsara ny toe-bolan'ireo vehivavy maneran-tany ary mampiroborobo ny fifandraisana ara-barotra sy ara-toekarena eo amin'ny Etazonia sy ireo mpiara-miombon'antoka aminy ihany koa ny fandaharanasa POWER.

Stefy

"1ère édition du Festival Dona Be"

Nokarakarain'i Dadi Love tany Antsohihy

Nikarakara "festival" vaovao eto Madagasikara i Dadi Love ka tany amin'ny toerana misy azy any Antsohihy no nanatanterahany an'izany niaraka tamin'ny "Parrain"-ny hetsika Andriamato Assy natao ny 21 sy faha-22 ary faha-23 jolay 2023 lasa teo. Sady ho fampikarana ny lental'ity mpanakanto ity hisondrotra amin'ny avoavo kokoa sy ho fampahafantarana misimisy kokoa ny tanan-n'Antsohihy no antony tena nikarakarana ny hetsika, ka sady ho fialam-boly no fizahantany izy ity araka izany. Tamin'ny alalan'ny valan-dresaka ho an'ny mpanao gazety natao teny amin'ny "Roof-top du Campus Telma Andraharo" tamin'ny talata 20 jona 2023 lasa teo no nampahafantarana'ny mpikarakara sy ity mpanakanto ity ary ny Telma mpanohana an'ity hetsika ity tamin'ny antsipirahany. Ny fandaharam-potoana nandritra ny telo andro Zoma 21 jolay 2023 :-Grand Bal d'ouverture niaraka tamin'i Dadi Love sy Grand Maître Tianjama tao amin'ny tranompokonona Antsohihy nanomboka tamin'ny 9 ora alina. Ny maraina kosa dia nisy ny Carnaval naha-zoan'ireo "meilleurs déguisements" miisa 3 narahina « Course bicyclette », nahazoan'ny telo voalahany « Gros lots » ihany koa (nisy ihany koa fifaninanana baolina kitra vehivavy sy lehilahy). Sabotsy 22 jolay 2023 teo : 18:00- "Spectacle" niaraha tamin'i Cesar, Mirasoa, Fandrama, Wendy Cathalina, Vilon'Androy. Ny Alahady 23 jolay 2023 : 18:00- "Spectacle" niaraha tamin'i Dadi Love, Hasley Manasy, Rose, Sanga Love, Mama Red, Ackram (Guest).


Rainilita



Tao aorian'ny tafa tafa tamin'ny mpanao gazety
teny Andraharo.

BEHARO

Teny tondro (Ny Valosoa Vaovao) N° 435



Misy ny teny Malagasy ofisialy sy ny tenim-paritra

Ohatra : Valy = Vady

Valliny Teny Tondro (0434)

Mitsivalana

- Tetezana
- Ela – Van(o)
- Zazakely
- Mioly (miv) –
- Ma (miv)
- Na – Aza
- Lainga (miv)
- As – Aba

Mitsangana

- Tezitra
- Tale (miv)
- Tazana
- Aingga
- KM – NB
- Eva (miv) – Aia
- Nalaza
- Alamina (miv)

TENY MIFANAPAKA

N° 435

A	B	D	E	F	G	H	I	J	K
1									
2									
3									
4									
5									
6									
7									
8									
9									
10									

Mitsivalana

1. Maka tsy miera
2. Milaza fotoana – Sitrika
3. Vadin-janaka
4. Marika (miv) – Aro orana
5. Tanimboly
6. Tovana – Mangataka (miv)
7. Firavaka
8. Maharitra – Fifanarahana (miv)
9. Haja sy voninahitra – Fotoana lasa
10. Vaventy, bota (miv) – Aotra

Mitsangana

- Mihodinkodina
- Tsy ahy, tsy anao – Teny, tafa (miv)
- Nandefola olona
- Maneho olo-masina
- Nitsotsorka
- Nianjera – Tsofoka
- Akàna vao mitombo – Faneke
- Tovona (miv)
- Solfa – Vimbinina
- Làlam-pirenena – Aro moka – Menaka
- Atsahatra – Meva

Valliny Teny mifanaraka 0434

Mitsivalana

1. Fitara-fana
2. Anaranao
3. Naoty
- Bà (miv)
4. Li(sitra) – Voina
5. Roaka - Sir(a)
6. Tarika
7. Nanontany
8. Alamo – ST
9. Tara (miv) – Sa
10. Koba (miv) – Kitay


Mitsangana

- Fanorona B. Ina - Bala (miv)
- Tao-lagnaro E. Kitra (miv) – Kamo (miv)
- F. Ray - Tonta (miv)
- G. AN - Ta (miv)
- H. Fako - Ratsy
- I. Fako - Ratsy
- J. Ao-Nisy (miv) – (V)at(a)
- K. Sikinina (miv)
- K. Ambara - Tay

An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

Niantoka ny ankizy rehetra nahazo voalohany sy faharoa tao amin'ny Ceg Ambohidrapeto Antananarivo Atsimondrano, ny ben'ny tanàna Mihary Andriatsilavo mivady.



Noho ny fetin'ny Asaramanitra 26 jona dia nanolotra sakafo ho an'ireo mponina sahirana tao Besarety, ny depioten'ny Boriboritany faha-3, Feno Ralambomanana.



Fokontany miisa 5 tao amin'ny boriborintany faha-2, no notoloran'ny depiote voafidy tao amin'ny boriborintany faha 2 Randrianarisoa Stanislas Rastany vary sy arendrina, amin'izao fahatongavan'ny Asaramanitra izao, ho an'ireo mponina sahirana, ho hanalana fahasahiranana azy ireo noho ny fety izay.



Nizara vary ho an'ny olona miisa 3500 ny kaominina Alasora Avaradrano noho ny fetim-pirenena, tao amin'ny kianja Maitso Alasora ny zoma teo. Nanatrika izany ny filoha Marc Ravalomanana filoha nasionalin'ny antoko TIM.

